# Ilay Voa Tsara Nafafy 22 Aogositra 2018

# 22 Alarobia aogositra

**Matokia Azy mandrakariva ianareo, ry olona ; loary eo anatrehany ny fonareo.** Salamo 62. 8

**Ny Apostoly ... nilaza taminy *(tamin'i Jesosy)* izay rehetra efa nataony.** Marka 6. 30

**Ny Mpanao ny sofina va tsy handre ? Ny Mpamorona ny maso va tsy hahita ?** Salamo 94. 9

## Lazao aminy avokoa ny zavatra rehetra

*Vakio Marka 9. 14-27*

Nitondra teo amin'i Jesosy ny zanany lahy nampahoriana fanahy ratsy ity raim-pianakaviana, ary nitalaho taminy. Nanontany azy Jesosy hoe : „Ohatrinona izay no nahatongavan'izao taminy ?" Dia nolazain'ilay ray avokoa ny antsipiriany rehetra : hatry ny fony mbola zaza ny zanany no nampijalian'io fahahy moana io. Ary imbetsaka io fanahy io no nitady hamono azy ka nanjera azy tao anaty afo sy tao anaty rano. Namarana ny fitantarany ilay ray, tamina fitarainana feno famoizampo hoe : „Raha mba misy hainao, dia mamindrà fo aminay, ka vonjeo izahay".

Te hahafantatra ny momba ilay ankizy ve Jesosy, nametraka izany fanontaniana izany ? Tsia ! Mahafantatra io tantara mampalahelo io mihoatra noho ny hafa Izy. Manaporofo izany ny fomba nitenenany tamin'lay fanahy ratsy : fanahy moana no nolazain'ilay raim-pianakaviana, kanefa fanahy „moana sy marenina" no nodidin'i Jesosy hiala tao amin'ilay ankizy. Mahafantatra ny zavatra rehetra Jesosy, Ilay Andriamanitra mahery, ary na fanahy marenina aza dia voatery manaiky Azy !

Fa nanontany Jesosy mba hitaomany ilay raim-kaviana hilaza aminy ny zavatra rehetra : ny loza nitranga tany aloha, ny tebitebiny momba ny ain-janany, ny fahasahiranan-tsain y, ny famoizampony, ary farany, ny tsy finoany... Dia notantarainy ny fahoriany manontolo, mba hanaovany amin'ny farany io antso vonjy mampihetsi-po io. Nanontany azy Jesosy, ary nihaino azy hatramin'ny farany. Avy eo Izy dia nanome ny vahaolana, ary nanafaka ilay ankizy.

Ry ray aman-dreny, taomin'izao tantara izao isika hilaza amin'i Jesosy ny zavatra rehetra. Ambarao aminy amin'ny antsipiriany izay mampanahy antsika momba ny zanatsika. Tsy hampahafantatra zavatra vaovao aminy tsy akory isika, amin'izany. Fa taominy am-pitiavana isika hanambara aminy ny antsipiriany rehetra, na dia efa fantany tanteraka aza ny zava-misy. Mihaino Izy, miombom-po, mamaly ary manafaka !